

## 'ZAY MIHITSY

*(Malagasy tsy maintsy mitsangana)  
(Tsy teren'ny avy etsy sy avy ery)  
(Fa manan-jo hijoro amin'ny heviny)*

Nalainy taminao ny fananana  
Very ny harem-pirenena  
Namidiny ohatry ny anana  
Na hazo, na vato, na volamena...  
Nofoanany ny fanampiana  
Ny orinasa mikatona jiaby  
Ny basy sy ny miaramila  
No tiany hananganana ho avy !  
Reraka mafy ilay gasy  
Noana tsy manan-ko hanina  
Mitombo isan'andro ny maty  
Anaovan'ireo mody fanina  
Ireo jamban'ny vola amin'izany  
Mikafiry misisika eny ihany  
Tsy hitan'ny masony akory  
Ilay vahoaka mandady amin'ny tany !

### Refrain:

Avoahay aminay ny tantara eee !  
Tsy anampiana ary tsy analana  
Ho hitan'ny dimby sy fara  
Hoe iza no tena adala!  
Aza afenina fa aleo hazava eee!  
Mahantra izahay fa tsy zaza  
Nareo no manao mody miady  
Dia ny gasy jiaby voasazy

*(Fiombonana tafita foana)  
(Malagasy mitraka no tanjona)  
(Malagasy mifehy Firenena)  
(Malagasy zary vatolampy)  
(Malagasy tsy mikoso maso)*

Ilay valam-parihantsika,  
Mbola isany moa Mozambika ?  
Fa na Frantsay na Amerikana,  
Na kely maso na Afrikana  
mmm... Biznesy planina ?

Ilay economiantsika *(ououay...)*  
Voan' ny angatra sa farasisa ? *(toa efa fay)*  
Efa naolan'ny mahitahita *(tena mampikolay)*  
Fadiranovana toa osaosa  
Tsy misy tombony fa boka-trosa

Ary ireto mpanao politika  
Miandry baiko sy tia gidragidra  
Efa hatrizay no mifanao menace  
Tia kafoiazay sy feona basy  
Tia manangan-tsandry !

Ilay fahendren'ny razantsika  
Nivadika lohan'alika !  
Lohan'alika dia nidiran-doza,  
Lohan'alika nandoro ny Rova,  
Lohan'alika dia lasa mpanandroba!

### Refrain:

Avoahay ary aloha ny tantara *(avoahay!)*  
Tsy anampiana ary tsy analana  
Ho hitan'ny dimby sy fara  
Hoe iza no tena adala !  
Aza afenina fa aleo hazava  
Mahantra izahay fa tsy zaza  
Nareo no manao bodongerona  
Dia ny Gasy jiaby voatreronana

Ka aza mifanorisory !  
Mpiara-miasa tsy atao atsangory  
Miara-mitady, tsy asiana ankilentika  
Partenaires tsy mifampitsentsitra :  
Miara-mahandro dia miara-mitetika  
Avia raha hiketrika !

Ary ity Gasy mangina ?  
Moana sa nampatoriana ?  
Sady nampahoriana  
Vahoaka badenina tsisy mahalala,  
Nomena bonbon dia natory tsara  
Tsy mahay ny tantara...

... HAFATRA MALALAKA...

## 'ZAY MIHITSY

# C'EST SÛR !

*(Les Malgaches resteront debout)  
(Ils ne reçoivent de pression d'ici ou de là)  
(Ils ont le droit de défendre leur choix)*

On t'a dépouillé de tes biens  
Les richesses nationales sont perdues  
Ils les ont vendues comme des brèdes  
Les bois, les pierres, l'or  
Les aides ont été supprimées  
Les entreprises fermées  
Les fusils et les soldats  
Sont leurs bases pour l'avenir.  
Le malgache est épuisé  
Affamé et dénué de tout  
Les morts se multiplient  
Ils font comme s'il n'y a rien  
Aveuglés par l'argent  
Ils s'accrochent de plus belle  
Leurs yeux ne peuvent voir  
Le peuple qui rampe à terre

## Refrain :

Montrez nous la vraie réalité  
Sans rien ajouter ou réduire  
Que les générations constatent  
Qui sont les vrais fous  
Ne cachez rien, que tout soit clair  
Nous sommes pauvres mais non dupes  
C'est vous qui faites semblant de vous battre  
Et ce sont tous les Malgaches qui en pâtissent

*(Unis, nous réussirons toujours)  
(Notre but c'est de nous redresser)  
(Nous dirigerons notre nation)  
(Solides comme un roc)  
(Sans peur des épreuves)*

Les confins de notre pays  
Mozambique n'en fait pas partie  
Français ou Américains  
Asiatiques ou Africains  
Ils ont leur business plan

Notre économie  
Malade de tous les maux  
Opprimée par les escrocs  
Pitoyable et impuissante  
Aucun gain, rien que des dettes  
Et ces politiciens  
Attendant les ordres de leurs chefs et péchant  
en eaux troubles  
N'arrêtent pas de se quereller  
Ils adorent les cafouillages et le bruit des armes  
Se déifiant entre eux

La sagesse de nos ancêtres  
Est remplacée par des têtes de chiens  
Tête de chiens sème la terreur  
Tête de chiens a incendié le Palais de la Reine  
Tête de chiens est un bandit

Montrez nous la vraie réalité *(Montrez)*  
Sans rien ajouter ou retrancher  
Que les générations constatent  
Qui sont les vrais fous  
Ne cachez rien, que tout soit clair  
Nous sommes pauvres mais non dupes  
C'est vous qui vous imposez par la force  
Et ce sont tous les malgaches qui subissent

Arrêtez de nous nuire  
Ceux qui travaillent ensemble œuvrent à égalité  
Cherchent ensemble, aucune tromperie  
Les partenaires ne s'exploitent pas  
Ils préparent et découpent ensemble  
Venez donc faire la cuisine ensemble

Et ces gens qui restent muets  
Ils ont perdu la langue ou ils sont endormis ?  
On les a appauvris  
Sous le choc, ils semblent désorientés  
Avec un bonbon, ils dorment en paix  
Ignorant l'histoire